


**ETO NY VIDÉO**

Ampifaliana sy am-pitiavana no iarahabana anareo rehetra manatrika etoana.

Ao ianareo olom-boafidy rehetra izay tonga eto ; ianareo manamboninahitra isan-tsokajiny, sivily sy miaramila ;




Tompokolahy sy Tompokovavy,

Atolotro ny arahaba ho anareo rehetra manatrika etoana tsy ho avahana toy ny ketsa, fa atao bango tokana ka iray ihany tahaka ny volo koa arahaba Tompokolahy, finaritra Tompokovavy.

Ny voalohan-teny dia fisaorana sy fankaletelamana antsika rehetre tonga manatrika izao fotoana izao, na ny avy lavitra izany, na ny eto an-toerana. Nasesiky ny fitiavana tokoa ianareo, ary tsapako fa miandrandra mpitarika ; miandrandra filohampirenana afaka hiaro ny vahoaka malagasy. Tsapako mantsy ary tsy eken'ny saiko no hoe amin'izao andron'ny vanim-potoana iainan-tsika izao no mandry andriran'antsy ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy, na an-tànan-dehibe na any ambanivohitra. Manjaka tanteraka ny tsy fandriampahalemana manerana ny nosy. Izany fijaliana izany dia anisan'ny mampikaikaika ny ankamaroan'ny vahoaka malagasy ankehitriny. Miaina ao anatin'ny tahotra, ny asan-jiolahy, ny asan'ny mpampihorohoro, ny asan'ny mpaka an-keriny, ny asan-dahalo dia iainan'ny vahoaka malagasy isan'andro isan'andro, nefa tsy misy fampandrosoana afaka hirindra sy mipetraka eto Madagasikara raha tsy mandry fahalemana ny firenena.




Izay indrindra no antony anaovana ity *« Conférence sur la Sécurité et Défense »* ity, na ny ***« Di nika momban'ny Fandriampahalemana sy ny Fiarovana »*** ity, mba hitondrana vahaolana maharitra, mba handry fahalemana ny firenen-tsika.

Ho foanan-tsika ny asan-dahalo ; ho vatsin-tsika fitaovana manara-penitra sy maoderina ny mpitandro ny filaminana ary ho amafisin-tsika ny fiofanana, ho atevenana ny fampitaovana ireo mpitandro filaminana manerana an'i Madagasikara. Izany no antony nanasako ireo vahiny marobe avy any ivelany na *« spécialistes »* na *« experts »* isaky ny sokajy sahan'izy ireo tsirairay avy. Ny mpandraharaha ankehitriny dia matahotra ny ainy satria manjaka ny fakana an-keriny ary tsy mifidy intsony izany fa na tera-tany vahiny, na tera-tany malagasy dia efa misy maka an-keriny avokoa amin'izao fotoana iresaha-tsika izao.

Betsaka ny fanontaniana apetraky ny vahoaka malagasy ankehitriny noho izany, ny hoe : mbola

azo herevina ve ny hampiverina ny fandriampahalemana ? Mbola azo heverina ve ny hisian'ny filaminana sy fampandrosoana maharitra ? Mbola azo heverina ve ny fiarovana ny Malagasy sy ny fanànany ? Mbola azo heverina ve ny hoe : raha misy manafika ny tanàna iray na ny tokan-trano iray dia ho tonga hiaro azy ireny ny mpitandron'ny filaminana ?




Izaho dia mametraka ny fanamby aminareo fa ny zavatra tsy vitan'ny mpitondra rehetra nifandimby hatrizay, ny tsy fahafahany niaro ny vahoaka sy ny fananàny, velirano ny ahy no ataoko fa izaho dia ho filohampirenena hiaro ny vahoaka malagasy, hiaro ny fananàn'ny vahoaka malagasy.

Fotoanan'ny asa izao fa tsy fotoanan'ny kabary intsony. Ny olona mampanantena fa tsy manatanteraka dia manao kabary ambony vavahady. Tsy niandry akory aho hoe filohampirenena vao andeha hiasa na hitondra vahaolana, fa na dia mbola kandida aza ny tenako na tamin'izaho mbola tsy kandida aza dia efa namorona ny *« Initiative pour l'Émergence de Madagascar »* satria tsapako fa mila filohampirenena tia tanindrazana i Madagasikara ; mila filohampirenena niomana i Madagasikara ; mila filohampirenena mànana vina ary indrindra mànana mpiara-miasa matihanina i Madagasikara.




Ny tanjona apetra-tsika dia ny hampandroso aingana an'i Madagasikara ao anatina fotoana fohy. Koa eo am-pelatànan-tsika ny ho avin'ny taranaka fara aman-dimby ary adidin-tsika no mitondra vahaolana mba afahana manova ny Tantaran'i Madagasikara. Maro ireo olona avy any ivelany, hoy aho, izay tonga eto fa amin'izay indrindra, isan'ny tonga nasaiko teto manokana mihitsy ny manam-pahaizana manokana ao anatina orinasa iray izay mikirakira ny « puces » izay hampiasaina amin'ireny omby ireny mba hanafoanana ny asan-dahalo sy ny omby

very.

Izaho, dia velirano no atao amin'ny vahoaka malagasy : 70.000 eo ho eo ny omby very nandritra ny taona 2017. Ho hita-tsika ny tarehimarika fa ao anatin'ny roa taona dia hataon-tsika mihena 50% na farafahakeliny any amin'ny 35.000 any ny omby very eto Madagasikara ary hahena-tsika foana izany isan-taona. Raha ny zavatra nodinihina, raha ny vahaolana hoentina dia hoy aho mantsy anareo hoe : matokisa ianareo aho fa niomana aho, ary ny olona hafa izay milaza hoe hanavotra an'io Madagasikara tsy manana tetikasa izay hoentin'ny IEM na ny *« Initiative pour l'Émergence de Madagascar »*
.



Mila olona mpitarika ny Malagasy, mpitarika izay mànana vina afaka mampitambatra ny vahoaka malagasy iray manontolo. Izaho dia ho filohampirenena, ho filohan'ny Malagasy iray manontolo, ny any Avatra ka hatrany Atsimo ; ny any Andrefana ka hatrany Atsinànana. Ho porofoin-tsika izany ary efa porofoin-tsika fa filohan'ny Malagasy tsy manavakavaka i Andry Rajoelina, Tompokolahy sy Tompokovavy. Izany indrindra no ataon-tsika.




www.madagate.org




[illegible] eto ny vahaolana izay hatolo-tsika




29 Novembre 2018

**... ny kabary avy tamin'ilay vidéo : Jeannot Ramambazafy**